

Mpianatry ny mpimasy

Jim McCoy

Fijoroan-ko vavolombelona mpianatry ny ombiasy andrarezana iray.

Azo aparitaka tsy misy fepetra

Nadika avy tamin'ny fiteny Czech: Lubomír Zimmer 2007

<http://www.DivineRevelations.info/MALAGASY>

Ity dia nadika avy tamin'ny fijoroana ho vavolombelona momba ny filazantsara sy ny loabariandasy momba ny foto-pisainana new age, nataon'I Jim McCoy tany amin'ny repoblika Czech Tany ho any amin'ny 1995, taona vitsy taorian'ny naharava ny communisme tany.

“Teneno amin'ny hafa izay nataoko taminao, amin'izay angamba izy ireo mba hino koa fa ho avy tsy ho ela aho”

Mpianatry ny mpimasy

Jim McCoy no anarako. Lehibe tao amin'ny tanàna kely any amerika aho. Tsy nahalala loatra an'Andriamanitra ireo ray aman-dreniko. Tsy miresaka an'Andriamanitra izany izahay ao an-trano. Izaho kosa nanana hetaheta lalina – tiako ho fantatra izay tena anton'ny fiainana. Dia nitady teny rehetra teny aho hanala izany hetahetako izany, tamin'izany dia nifanena tamimpomba fivavahana sy foto-pisainana isankarazany. Satria moa ny tena tsy nahalala ny finoana kristiana sy ny fahamarinan'ny baiboly dia nitady an'Andriamanitra tamin'ny fomban'olombelona. Faniriana te-hahalala ny marina ny ahy saingy izay finoana rehetra narahiko tsy nety nahafeno ny banga tao anatiko. Izaho efa nanao yoga, Hinduism, Buddhism, voodoo, Odiratsy, humanism – nefa mbola foana tanteraka ihany ny tao anatiko.

Izaho koa nanana olana be tamin'ny fiainako. Nisy fotoana leo ahy ny ray aman-dreniko ka nandroaka ahy tao an-trano noho izaho mievaeva tsy mety mitombina amina asa iray. Niovaova sipa foana koa ankoatr'izay.

Dia nifindra tanana aho fa any no noheveriko hahitako ny rariny. Dia tonga tany New York State. Nihaona tamin'olona iray niavaka aho tao am-piasàna. Nolazainy fa misy vehivavy iray fantany manam-baliny amin'ireo fanontaniana rehetra ilako valiny.

Nels no anarany. Obmiasy ikoizana izy io. Fantatra maneran-tany ireto vehivavy ireto noho ny OSN ny asan'ity vehivavy ity dia mampianatra ireo olona to teny sy manankaja mba hampifandray izao tontolo izao amin'ity foto-pisainan'izy ireo ity. Ao amin'ny reserve indien iray no misy ny “sekoly ara-panahiny”. Vao niditra tao aho dia variana fa tanora maro no faly sady nitsiky tamiko. Nefa hita taratra teo amin'ny mason'izy ireo ihany ny fahabangana. Tsy nahatsapa aho tamin'izay fa efa fampitandremana izany, tsy azoko veroka mihitsy. Nanontany io ombiasy vavy io aho raha afa-mijanona ao eo ambany dindony. Tsy nanambola toy ireo mpianatra rehetra tao aho. Nambarany fa afa-mijanona aho raha manaiky ho mpianany, hianatra izay rehetra ataon'ireo mpianany.

Indray andro izay, nanatona ahy izy dia nanao hoe: “Ny fanahy mpanoro ahy dia nampanao anao ho mpianatro”. Dia nanaiky aho. Nentiny tany an-tranony aho nony avy teo. Tao andamosin-tranony nisy tranomboky manokana. Nisy latabatra 5 zoro teo afovoan'io efitra io. Feno boky ny sisin-drindrana rehetra hatreo amin'ny gorodona ka hatrany amin'ny valindrihana. Ireo boky rehetra ireo dia torolalana sy fampianarana momba ny fomba fanompoana sy fitaizana ody. Nisy efa ela dia ela ireo boky ireo, nisy 100 taona, 300 taona taloha, soran-tanana mpanao ody taloha tany eoropa (tr. Fanamarihana: Tany eoropa izy io nijoro ho vavolombelona io). Nohidiana tao amin'io trano io aho ka tsy afa-mahita afa-tsy io vehivavy io. Nony afaka 30 andro dia nambaran'ny “fanahy mpanoro azy” hoy izy, fa izaho koa mila fanahy mpanoro lalina. Dia nivoaka izahay ka tonga tamin-tranokely iray izay. Ao no ”toerana masina” aminy izay tsy azon'olona idirana afa-tsy izy ihany, ao no anaovany ny odiratsiny. Vao niditra dia hitako tsara fa nisy aizina nandrakotra sy niparitaka tamin'io toerana io. Nony tafiditra dia hitako fa tsy nisy varavarankely tao. Teo afovoan'ilay trano nisy seza 4, ny iray somary lehibe, toy ny sezafiandrianany. Nipetraka teo izy. Nisy vato kristaly ny latabatra. Nipetraka teo amin'ny sezany izy dia nasainy nanatona aho.

Nambarany fa rehefa manao zavatra iray izy – izay tsy ho azoko ny dikany – dia hamiratra ilay kristaly; hazava, dia hiseho amin'izay ny “fanahy”. Nambarany fa hilaza io fanahy io fa

avy amin'ny fiainako ihany ary tonga hanampy ahy. Nambarany koa fa rehefa tonga eo amiko io fanahy io dia mila manao aho hoe: "E=eny". Dia nekeko. Dia nanomboka nihira izy. Nikatona ho azy ny varavaran'ilay trano. Izahay roa irery no tao nefa nandre feo maro tsy fantam-piaviana aho, tena misitery. Nambarany taty aoriana fa fanahin'ny maty avy any ambany ireo. Vao nihira izy dia nirehitra tokoa ilay kristaly sady tonga namiratra, ary niseho avy tao anatin'ny ilay fanahy. Nanontany izy io raha afa-miditra ao anatiko dia novaliako hoe: "eny" dia niditra izy. Nanomboka teo dia tsy afa-nibaiko ny vatako aho. Nanomboka teo, tsy nisy voafehiko daholo intsony na izay ataoko, na izay heveriko, na izay teneniko. Izany dia nanokatra lalana ho an'ireo devoly maro tonga tsy nantsoina fa niditra tao amiko koa. Nanomboka teo dia an'ny devoly tanteraka aho, tonga andevon'ny foto-pisainana New Age. Ataoko daholo izay asain'ilay mpampianatra hataoko.

Indray andro izy naneho ahy ankohonana iray nipetraka tsy lavitra teo. Hoy izy, "Hitanao io tovovavy io?" "Eny", hoy aho. "Izay vadian'io vehivavy io, hoy izy; homena ny ampahatelon'ny lovary". Ny ao antsain'ilay mpampianatra ahy amin'io dia ny haka ny ampahany betsaka amin'ilay reserve indien izay homena an'io tovovavy io. Hoy izy tamiko: "Manatona azy ianao, mifankatiava aminy dia vadio izy". Na izany aza ny baikony dia nankato ihany aho. Dia nataoko. Ary naseho ahy ilay toerana nefa tsy nanaiky ny havan'ilay tovovavy. Noho izany dia nasain'ilay mpampianatra ahy hoentiko any an-tanananay ilay tovovavy. Nihevitra izy fa tsy hanohitra izany ireo havany sy ny ray aman-dreniny. Dia nataoko. Tany an-tanàna dia efa toe am-periny hosoratana tamiko ilay toerana.

Nisy fotoana niverina kely ny saiko, toa afaka fotoana fohy ny fatotr'ireo devoly. Tonga toy ny teo aloha aho ka afa-nieritreritra sy nanapa-kevitra. Fantatro fa ho fotoana fohy ihany izany; Ora 2 raha be indrindra. Noho izany, tsy maintsy niasa haingana aho. Nateriko haingana teny amin'ny zotra mody any aminy izy dia nampanarahiko taratasy manazava ny fomba nihaonanay sy ny antony izay nambarako fa hevitr'ilay mpampianatra anay. Teo noho eo dia nanapa-kevitra hisaraka aho. Nony niverina tao an-trano aho dia nahatsapa ho tezitra mafy tamin'ny tenako fa nankahàtra ilay ombiasy mpampianatra ahy. Nipetraka teo amin'ny latabatra iray aho ary tsy te-handre na iza na iza. Fantatro fa ho mafy ny hahazo ahy noho io fikomiako io. Dia nitomany aho. Ary nanomboka nandre feom-panahy niresaka tamiko aho. Hoy izy: "Ilay totoim-bitana ity! Tsy maintsy manao ny sitrapon'ny mpanompo vaviko ianao na ahoana na ahona. Teo dia nanomboka reko namely ahy ilay fanahy. Nandray antsy iray teo an-databatra aho kanjo ilay fanahy indray no toa hamely ahy tamin'ilay antsy. Ningainy avy teo ambony seza aho hitsingevana; nentiny ankeriny hivoaka ny trano sy hankeo amin'ny fiara. Niantso vonjeo mafy aho.

Nandritra izany, nampidiriny aho dia novelominy ilay fiara dia nentiny ivelan'ny tanàna teo amina farihy lehibe filomanosana iray. Nony tonga teo dia najanony, navoakany aho ka efa hatsipiny ao anaty rano. Nandritra izany dia niantso vonjeo indray aho ary nanomboka niantso an'Andriamanitra. Nampangirifiry mafy ahy ny fisintosintonany ahy sady nanamba ahy hatrany koa ilay antsy nohazoniko. Nolazainy fa hampijaliany aho. Fantatro teo fa tiany halentika tao anaty rano aho. Nony efa hisasaka ny lalana avy teo amin'ilay fiara mankeo andrano dia niantso mafy aho hoe: "Andriamanitra ô! Raha tena misy ianao dia ampio aho!" Tamin'izay indrindra dia nisy alikabe nirimorimo avy teo amorondrano ho eo amiko. Nony akaiky ilay alika dia tsapako fa toy ny avy ao anatiko ilay fanahy ratsy (toy ny matahotra an'ilay alika). Nokakerin'ilay alika ny tanako nisy ilay antsy. Nony novohany ny vavany dia nilatsaka ilay antsy teny an-tanako. Rehefizany dia nirona ho any an-drano indray ilay alika

sady nanosika ahy. Samy tao an-drano izahay, ary nentin'ilay alika ho eo amim-behivavy iray nitodi-damosina nitsangana tao anaty rano aho. Io vehivavy io no lasa vadiko ankehitriny. Tsy nahahetsika aho fa nitsangana teo fotsiny, toy ny nisy nihazona. I Kim, io vadiko izao io, dia niresaka tamin'Andriamanitra ka nijanona elaela teo sady nanome lamosina ihany. Nitodika izy dia nahita ahy, avy teo dia niverina ho any aloha indray hiresaka amin'Andriamanitra. Tao aorian'izay dia nanatona ahy izy. Tsy fantatro izay nambarany ahy fa fantatro teo fa voavonjy aho. Nony kelikely dia nilazàny aho mba hihaona aminy eo amin'io farihy io. Nambarany fa nitolona am-bavaka tamin'Andriamanitra izy noho ny fiarahany tamin-dehilahy vitsivitsy nandamoka teo aloha. Leobe izy noho izany ka nangataka tamin'ny Tompo hoe: "Ry Jesosy tompo, andefaso lehilahy aho ho vadiko". Vao niteny izany izy dia nitodika ka nahita ahy tao anaty rano. Zavatra hafa mihitsy teo no hitany, angamba endrik'olona, na alok'ireo olontiany taloha, na koa nofy. Niverina teo amin'Andriamanitra izy dia nitomany mafy: "Aiza kosa e!". Nahatsiravina be aho tamin'io. Fijaliana ny mijery ahy. Lava ny antsasaky ny voloko, voloinabe ny akanjoko, tsy manao shirt, sary maneho an'I satana no eo amin'ny tratrako, kristaly no eo am-bozoko, moccasins mamofonabe no eo an-tongotro. Rehefa mijery ahy izy dia hitany ny fahasimban'ny ativavako noho ny fihinananam-paraky. Fankatoavana an'Andriamanitra fotsiny no nanatonany ahy fa raha izy dia tsy te-hifandray amiko akory teo. Nanomboka nifampiresaka izahay. Tsapany ho nisy fifandraisana am-po izahay, izany dia vokatry ny asan'ny Fanahy Masina.

Nentiny tany amin'ireo ray aman-dreniny aho. Vao nahita ahy ny rainy dia tohina mafy. Hoy I Kim vadiko: "Dada a! jereo ity entiko ato an-trano". Nakapony mafy ny varavarana, namonjy finday izy dia niantso mpiara-miangona hivavaka, izany dia noho ny zanany nitondra olona mahatsiravina. I kim irery no hany niresaka tamiko, ary fantatro fa maty tsikelikely aho noho ny homa-miadana tao anaty vavako. Tsy nanana na inona na inona intsony aho ka teny an-dalana teo no nitoetra. Na izany aza mbola nanohy ihany nanaraka ny New Age. Nandritra izany anefa, tsy nitsaha-niresaka tamiko an'Andriamanitra sy I Jesosy Tompo I Kim. Izaho kosa mafilo-habe, manohitra azy foana amin'ireo teoria nianarako.

Tamin'izay, tonga tao amin'ny fireneko ny ririnina mamirifiry. Tsy nanam-ponenana aho. Nankany amin'I Kim aho nanontany azy izay halehako. Ny ray aman-dreniny dia manana trano bongo tany New Eucher ao anaty ny valanjavaboaharim-pirenena. Manginabe ilay toerana, atiala tokony ho 22 km ivelan'ny tanàna. Tsy nisy jiro; tsy nisy paompin-drano, fatana no hany mba manafana. Tamin'ny taombaovao, Fanala tokony ho 180sm no tao, izaho amin'io ts'isy namana. Mamangy ahy I kim isaky ny faran'ny herinandro fa ankoatr'izay izy any an-tsekoly. Nisy efitra 2 ilay trano. Ilay iray kely no nomena hampiasaiko. Rehefa tonga I Kim dia mampiasa ilay lehibe kokoa. Nikarakara ahy izy, niresaka tamiko ny momba an'I Jesosy. Izy irery no fantatro tamin'io toerana io. Mila mandeha tokony ho 1 km manapaka ranomandry amin'ny renirano vao mahazo rano. Zaho koa nandeha tany anaty ala, nitondra tsofa handrehetana afo. Tsy nanambola hividianan-tsakafo. Henjana ny fahanginana tao anaty ala. Tsy nanam-piara aho handehanako eny an-tanan-dehibe. Mitondra sakafo ho ahy I Kim isaky ny faran'ny herinandro. Ronono sy paty ka in-2 isankerinandro ihany aho no homana. Noho izaho tsy mihinana ara-dalana sy manirery dia mora rebireben'ny devoly, ny fahasalamako koa miharatsy isanandro. Narary mafy ary aho ka tsy afa-nihetsika intsony teo am-pandriana. Te-hitondra ahy any amin'ny hôpitaly I Kim nefa "Tsia!" hoy Andriamanitra taminy, fomba hafa no tiany hamonjena ahy.

Indray alahady, tena henjana ny aretiko ka tsapako ho toy ny efa ho faty aho. Tsy nampandehanin'ny Tompo tany amin'ilay trano bongo tany anaty ala I Kim tamin'io mandra-piteniny. Teo no nanomboka ny dingan'ny fiovam-poko tanteraka. Ranomaso no nialan'I Kim teo amiko raha niverina ho any an-tsekoly tany lavitra tany izy. Andriamanitra kosa nanomana ny fandidiany manokana. Talohan'ny nandehanany dia namelona afo izy hanafana ahy. Tsy afa-nivoaka ny trano aho nefa ao ivelany -20°c. Teo aho vao tena irery. Nitsilopilopy ilay afo nefa aho tsy nana-kery hikopahana azy hirehitra tsara indray. Tsapako nangatsiaka be ny vatako sady nihanalemy hatrany hatrany. Niala aina irery tao aho. Nihanangatsiaka hatrany ny efitra, dia tonga tamin'izay koa ny aloky ny fahafatesana.

Nandry teo tsy nanam-panantenana intsony aho, ary tsapako ho nisaraka ny vatako sy ny fanahiko. Tonga feno tahotra aho. Ireo “marina” noraisiko hatrizay dia hitako ho lainga avokoa sady tsapako ho tsinontsinona ny androm-piainako teo aloha.

Hitako tsara teo anilako ny hantsam-ben'ny helo feno tahotra nisokatra. Feno fofon-tsolifara sy fofon-nofotr'olona may ilay efitra nisy ahy, kiakiak'olo-maroko koa no nivoaka avy tao amin'ilay hantsana. Maro dia maro ny kiaka mampatahotr'ireo olona ampijaliana. Nihetsika moramora ny fanahiko ho ao amin'ilay hantsana. Nikiaka mafy aho satria fantatro teo fa hiaina mandrakizay tsy manam-pahataperana ao amin'ny helo aho. Teo dia nanomboka nazava tsara tamiko avokoa ireo fampianarana, fijoroan-ko vavolombelona sy toriteny nataon'I Kim tamiko. Azoko mazava tsara tao an-tsaiko. Teo amoron'ny helo dia notondrahin'Andriamanitra ireo voakely nafafin'I Kim. Tsapako teo fa mety hahatsara ny zava-misy ilay baiboly navelan'I Kim teo anilako raha nandao ahy izy, ary ao irery no misy famonjena. Nisy labozia kely tao afaka nanazavana ny trano. Tsy afa-nanazava ny trano ny firedaredan'ny afon'ny helo, notsapatsapaiko ilay labozia sy afokasoka. Notakariko koa ilay baiboly. Vao nitady hahazo ilay baiboly aho dia toa nisy tsindrona nihazona ahy. Tonga feno fanatrehan-devoly be fahefana io efitra io ary nisy feobe niteny tamiko hoe: “Ts'isy saina! Vendrana! Nino izay rehetra nolazaiko tamin'io ianao ka ahy ankehitriny!” Napetrany teo an-tratrako ny tanany. Kivy tanteraka aho ka nitomany satria tsy nitsaha-nidina tany amin'ny helo ny fanahiko. Teto dia nisaraka ny vatako sy ny fanahiko. Saingy tsy maintsy nezahiko hatrany ny tsy hitrangan'izany. Mbola nahatsiaro tena aho ka fantatro fa tsy maintsy mandray an'I Jesosy ho Tompo sy mpamonjiko araka izay efa nolazain'I Kim tamiko. Tsy maintsy ataoko izany mialohan'ny hisarahan'ny fanahiko tanteraka amin'ny vatako ka hivarinany any amin'ny helo. Fantatr'I satana koa izany. Tsy maintsy niady mafy isaky ny ampahan-tsegondra. Tsapako ny fanatrehan'Andriamanitra nanome hery ahy haka indray ilay baiboly. Tsapako tsara ny herin'Andriamanitra teo. Dia nataoko indray izany. Saiky hiazona ahy indray ilay hoho maranitra saingy tsy maintsy niala. Noraisiko ilay baiboly dia nataoko teo an-tratrako. Nisokatra ho azy ilay izy. Nezahiko hifanandrify tamin'ny hazavan'ilay labozia izay voarehitro ihany nony farany saingy notsofin'I satana ka tonga maizinabe ny tao an-trano. Tsy hitako arak'izany izay voasoratra tao amin'ilay pejy nisokatra ho azy. Nikitroka ny aizina saingy mahatoky ny Tompo, Izy tia ny olona. Indro nisy hazavana 3 avy tany ambony ka samy nitaratra tamin'andinin'ny 1 avy tao anatin'ilay baiboly. Andinin'ny 3 tao amin'ny filazantsaran'I jaona toko 3 : *“Lazaiko aminao marina dia marina tokoa: Raha tsy ateraka indray ny olona, dia tsy hahazo mahita ny fanjakan'Andriamanitra.”* (Joana 3:3). *“Lazaiko aminao marina dia marina tokoa: Raha misy olona tsy ateraky ny rano sy ny Fanahy, dia tsy mahazo miditra amin'ny fanjakan'Andriamanitra!”* (Joana 3:5). *“Fa toy izay no nitiavan'Andriamanitra izao tontolo izao : nomeny ny zanani-lahy Tokana, mba tsy ho very izay rehatra mino Azy, fa hanana ny fiainana mandrakizay.”* (Joana 3:16).

Nony namaky io andininy farany io aho vao tena nahalala hatrany anatiko rehetra ny hany fanafahana marina. Natoron'Andriamanitra ahy teo ny fomba handraisana an'I Jesosy ho mpamonjy. Reko tenenin'I Kim foana izany saingy esorin'ny devoly haingana tao an-tsaiko. Teo izy vao tena nazava tamiko. Nesorin'Andriamanitra ireo fanondro nanampina ny sofiko sy ny foko. Tsaroako teo ny vavaka fanoloran-tena sy fibebahana izay nambaran'I Kim matetika tamiko. Nitsangana teo am-pandriana aho dia niangavy famonjena sy fanafahana tamin'I Jesosy. Fantatr'I satana tsara fa efa kely sisa ny androko teo, ary mety hisy "risika" hialako ny helo dia niezaka mafy izy mba tsy hahafahako mivavaka. Fantany fa raha tsy afa-mivavaka aho dia ho tonga any amin'ny helo. Ady hatreo ampotomoton'ny helo ny ahy. Tsapako teo fa nametraka vesatrabe teo amboniko I Satana. Reko nisy nanindrona mafy tamin'ny antsy ny lamosiko. Tsy hay zakaina ny hirifiry. Fantatro fa tsy maintsy niantso mafy an'I Jesosy aho hamonjy ahy, noho izany dia niniako tsy re ilay hirifiry. Efa nandramako ny fahafatesana sy ny fiandohan'ny helo, izao kosa no ahafahako manandrana ny fiainana – miaraka amin'I Jesosy. Notohizako ihany ny ahy fa tsy noraharahaiko ilay hirifiry. Nakipiko ny masoko dia hoy aho: "Tompo Jesosy, Mpanota aho. Fantatro fa ianao no tena Andriamanitra marina, Miangavy anao aho hiditra amin'ny fiainako ka hanjaka manontolo aminy - izao!"

Teo indrindra dia nasehon'Andriamanitra ny fandreseny. Fantatro fa nesorina avokoa ireo devoly tao amiko dia natsipy tany anaty hantsaka teo anilan'ny fandriako izay nivoahan'ireo kiaka mampangorohoro. Teo dia nikatona ilay hantsana, nihanalefaka koa ilay fofona sy ireo kiakiaka. Tao anatin'izany fiadanana izany dia toy ny nalona tanaty menaka mafana mahafinaritra aho. Mbola alina ny andro nefa feno hazavana tao amin'ilay efitrano. Nazava loatra ilay izy ka rakotra avokoa ny tao an-trano rehetra, hazavana sy fiadanana. Henjana loatra ny fanatrehan'Andriamanitra sy ny fitiavany ka safotra aho.

Nony nifoha aho ny ampitson'io maraina dia tonga nadio sy sitrana. Nadio avokoa ny akanjoko sady nirehitra ny afo tao am-patana. Nafana tsara ny toerana rehetra. Lasa ny aretin'ny avokavoka. Tsy nalemilemy intsony aho. Sitrana koa ny homa-miadana. Niafana koa le nangatsiaka be tamin'ny tongotro ary toy ny nateraka indray aho. Feno hafaliana sy fiadanana aho. Fantatro fa zavaboahary vaovao tanteraka aho. Nony nosokafako ny masoko dia tonga toa an'I adama aho fony izy ilay tao an-jaridain'I edena. Nivoaka ny varavarana aho, ka sambako vao hitako kanto avokoa ny tontolo manodidina. Iza no nampitafy ahy sy nandrehitra ny afo? Nojereko fa tsy nisy dian-tongotra teo amin'ilay fanala manodidina ilay tranobongo. Tampoka teo dia reko ny fiaran'I Kim nanatona. Avy nianatra izy tamin'io. Nifanatona izahay 2 dia nifamihina. Hoy aho, "Nandray an'I Jesosy aho" "Efa fantatro, hoy izy, tany ampianarana aho no nilazan'Andriamanitra ny vaovao. Nifarana ny tolona ho famonjena anao." Nisy vorona nihira mafy kokoa noho ireo hafa tao anaty ala. Nanoloana ilay varavarana nihaonako tamin'I Kim teo izy io. Nitodika tany izahay 2 hijery. Nanidina ilay vorona ary nisy soratra masina teo amin'ilay nialany dia izay hita ao amin'ny [jaona 3: 3](#).

Ny lohantaona taorian'io aho dia natao batisa tamin'ilay rano fandravako gilasy hakana rano hosotroina. Nony tonga kosa ny fararano dia nivady izahay sy Kim ka nifindra tamin-trano lehibe kokoa. Tonga toerana miavaka tamin'ny fiainako io renirano io. Misitery 2 no tsy nety voahazavako hatrizay namonjena ahy. Mbola tena misitery. Ny mpitandrina tao amin'ny fiangonana andehananay sy Kim dia nilaza fa tokony hanontaniako an'Andriamanitra mivantana ny antony. Mankany amin'io toerana io foana aho, mipetraka ambony vato

amorondrano dia mivavaka. Indray andro aho tany dia nanontany ny Tompo hoe: “Tompo, fony izaho andevon’ily mpanao odiratsy iny dia natahotra mafy ny atany anatiko rehetra, feno aizina. Nefa nisy hazavana foa na teny lavitra teny izay tsy nisy nahita raha tsy izaho. Isaky ny nahita azy io aho dia toa feno fiadanana izany foana.” Tiako ho fantatra hoe: inona iny? Nony nanontany izany aho dia tonga nangina be tampoka ny ala iray manontolo. Tsy nisy naneno intsony na vorona iray aza. Tonga feno fiadanana ilay toerana, na ny rano aza tsy nihetsika. Nisy tanana mafanabe teo amin’ny soroko. Feo tsara mamy mihoatra ny tantely no niresaka tamiko hoe: “Talohan’ny nahafantaranao ahy, nandritry ny fotoan-tsarotra niainanao dia teo anilanao foana aho. Izaho iny hazavana iny...” Reko ny hery mahagagan’ny Fanahy Masina. Lavo niankohoka tamin’ny tany teo anoloan’I Jesosy aho sady nitomanin-kafaliana no nanao hoe: “Fantatro izay nataonao fony ianao niditra antsehitra tao anatin’io trano mangatsiaka io. Fa inona kosa no nitranga fony aho torana rehefa avy nilona tao anatin’ily menaka mafana? Raha nifoha mantsy aho dia nadio sy nitafy tsara ary tanaty trano mafana.” Ary niteny tamiko indray ilay feo hoe: “Izaho dia izaho irery no nandroaka ireo devoly rehetra teo sy nanasitrana anao. Avy teo dia nodidiako ny anjeliko hanadio sy hanafy anao ary hamelona ny afo tao am-patana mba hanafana anao.”

Hoy aho: “Ray, hataoko avokoa izay tianao, fantatro mantsy izao fa ianao no tena Andriamanitra marina.” Dia hoy Izy:

“Ndehana lazao amin’ny hafa izay nataoko taminao ‘ndrao izy ireo mba hino koa fa ho avy tsy ho ela aho.”

Izay no ahatsongavako aty amin’ny repoblika Czech , hilaza aminareo fa tsy misy Andriamanitra afa-tsy Jesosy Kristy. Ny new Age izay naha ambony toerana ahy sy ireo foto-pisainana hafa rehetra toy ny – yoga sy ireo filozofia hafa dia lalan-diso avokoa. Ambarako amim-pomba miezinezina eto fa raha manao ireny ianareo dia ho any amin’ny helo. Izany dia tononiko amin’ny fahefan’I Jesosy Kristy izay hany Andriamanitra tokana. Tena Andriamanitra tokoa Jesosy. Izy no fiainana mandrakizay. Ireo fijerem-bintana, ny tononandro, ny bouille de cristal, fitaratra, fiantsoam-panahy sy fanasitranana amin’ny fomba hafa rehetra, fivoriana hanaovan-javatra hafahafa, fifantohana lalina hahazoan-kery (meditation), fiantsoana an’I Hare Krishna, Buddhism sy izay hafa rehetra – dia hitarika anao ho amin’ny fahafatesana mandrakizay. Toky avy amin’ny devoly izy rehetra ireny nefa lainga avokoa. Ilay mpampianatra nanoro ahy ny New Age, ambony toerana aho miohatra amin’ireo hafa rehetra nampihatra ny New Age, mpikambana tao amin’ny birao manerantany, nampianatra mpitarika politika avy tamin’ny firenena maro. Fantatro fa tehamotika ny olona ny New Age, raha tsy mitsangan-kanohitra ny kristiana dia tsy hanampahafahana ny olona fa ho gadran’I satana. Teneno eny an-dalambe, any an-tsekoly, teneno amin’ny mpanao politika, lazao azy ny marina, fohazy ny fiarahamonina, raha tsy miteny amim-pahasahiana sy faharetana mantsy ianao dia ho simba ny firenena.

Andriamanitra anie hitahy anareo, misaotra tamin’ny faharetana nihaino..

Maro no voatahy ka nandray an’I Jesosy Kristy tamin’ny fiainany raha niasa tany amin’ny repoblika Czech rahalahy Jim McCoy. Famantarana sy fahagagana no nomba ny tenin’Andriamanitra.

* **Ny fanahy – aina – vatana:** Nilaza ny Apôstôly Paoly raha nankany amin'ilay tovolahy maty fa, “ny ainy” dia mbola ao amin'ny vatany, Taorian'izay dia natsangana tamin'ny maty ilay tovolahy, tamin'ny herin'Andriamanitra. Izay no lazain'I Jim eto: “Efa nisaraka tamin'ny vatany ny fanahiny fa ny ainy kosa mbola tao.” “*Ary tonga aina velona ny lehilahy*” (Gen. 2:7).)

Raha mihaino ny feon'Andriamanitra ny kristiana dia tonga mandroso ara-panahy. Ny aintsika dia ilay tena “izaho”. Eo no to ady mangotraka atrehintsika, ny handà ny tenantsika. Iza no famaritana tsara indrindra hitako ny amintsika; 1) Ny vatantsika no ifandraisantsika amin'ny tontolo misy antsika, amin'ny fitsapana, fandrenesana sns... Izy no ahalalantsika izao tontolo izao. 2) Ny aina (âme) kosa no tena “izaho”, Izy no ifandraisana sy ahalalantsika momba ny tenantsika. 3) Ny fanahintsika no ifandraisana amin'Andriamanitra, ka ahalalantsika Azy.

Amin'ny fanahintsika, manoro lalana antsika sy “mampivavaka sy mampamaky baiboly” antsika ny feo malefaky ny Fanahy Masina fa ny “aina” maro zava-tiana sy hala ka raha mihodina hanao ny sitrapony izy dia tonga babony isika. Raha toa kosa isika mahalala ny fanatrehan'Andriamanitra isanandro ka mijery an'I Jesosy, dia miova ho toa Azy. Ny New Age sy ireo mpampianatra sandoka samihafa sy foto-pinoana maro dia mpampianatra fa ny aina (izaho) no Andriamanitra, ary izy no mila ampivoarina. Izany dia mifanohitra amin'ny nambaran'ny Tompotsika raha nanao Izy hoe: “*Raha misy te-hanaraka Ahy dia aoka izy handà ny tenany, ka hitondra ny hazo fijaliany, ary hanaraka Ahy.*” ([matio 16:24](#))

****Helo:** ilay nisokatra teo anilan'ny fandrian'I Jim, fanoharana ve sa tena izy? Voalohany, raha miesaka an'I Lazarosy sy ilay mpanankarena ampijaliana any amin'ny helo ny Tompo – aoka ho fantantsika fa tsy nampiasa anarana mihitsy Jesosy tamin'ny fanoharany rehetra! Noho izany, tena lazarosy io fa tsy fahitana na fanoharana, toy izany koa ny afo sy ny fivaivainy. Faharoa, hitantsika fa tamin'ny fikomian'I kora, Nosokafan'Andriamanitra ny tany ka nitelina ireo mpikomy. Raha io andininy io no jerena dia ao ambany tany ao izany ny helo. [Nomeria 16:30-33](#) “*Fa raha hanao zavatra vaovao kosa JEHOVAH, ka hisokatra ny tany ary hitelina azy mbamin'izay azy rehetra, ka ho latsaka velona any amin'ny fiainan-tsihita izy; dia ho fantatrareo fa efa nandà an'i JEHOVAH ireo lehilahy. Ary rehefa tapitra voalazany izany teny rehetra izany, dia nivava ny tany izay teo ambaniny: eny, nisokatra ny tany ka nitelina azy sy ny ankohonany mbamin'ny olona rehetra izay an'I Kora ary ny fananany rehetra. Dia latsaka velona ho any amin'ny fiainan-tsi-hita izy mbamin'izay azy rehetra; ary ny tany dia nikatona taminy: ka fongotra tsy ho amin'ny fiangonana instony izy.*” Tena nitranga io fa tsy fanoharana, nivarina velona tany amin'ny helo izy ireo, niaraka tamin'ny vatabeny. Ao amin'ny baiboly izany, ny fijoroan'ity lehilahy ity ihany no hany fantatro manokana nitranga tamin'ny vatana toy izany, raha mbola velona ilay olona.

Mpandika teny

Semineran'I Jim McCoy momba ny New Age

Ny NEW AGE sy ny fiangonan'i Jesosy Kristy

Andinin-tsoratra masina 3 no nampiasain'I Jeosy hanafaka ahy tamin'ny fatotry ny devoly (jaona 3:3, jaona 3:5, jaona 3:16). Mbola tao anatin'ny New age aho no nanambaran'Andriamanitra ireo. Tsy nahalala mihitsy an'Andriamanitra. Izahay rehetra samy olona ara-panahy nitady fatratra ny marina. Samy nitady valiny, mihoatra lavitra ny tenanay. Izaho koa nitady fahalalana sy fahamarinana ka nofitahin'ny New Age. Tsy vitan'ny lasa mpitarika fotsiny aho tany, vondrona mpandrafitra ny fomba hamitahana olona, indrindra fa ny kristiana. Fa tena niasa mafy tao amin'ny vondron'ny firenena mikambana izay nanomana ny famitahana olona sy nanaparitaka ny fampianarana New Age manerana izao tontolo izao. Ny tena asako dia nampianatra ny "fahamarinana fototry" ny New age maneran-tany. Fa inona marina izy io? Inona no tetikadiny, ary inona ny fitaka lehibe anambakàny ny olona? Ho hazavaiko ny sasany amin'ireny. Izaho nanana dipolaoma momba ny fampianarana ny New Age. Efa nampianatra tamin-tsekoly naorin'ny governemanta sy ny vondrona new age, ny tanjony voalohany dia hamotika ny fahamarinan'ny finoana Kristiana. Ahoana no fitrangan'izany? Fomba ahoana? Ambarako aminao fohy fa miteny sy miasa toy ny kristiana aho hidirako lalina ao amin'izy ireo (Fifohazana) fiderana sy fiangonana samihafa hametraka dindo aminy ka hanimba azy tanteraka amin'ny farany. Fa Andriamanitra nandrombaka ahy avy tao sy tamin'ny fanandevozana ombiasy iray, izay ao anatin'ity vondrona eken'ny firenena ity ka izao mampianatra ny mifanohitra aminy, hahafantaran'ny kristiana ny antom-pisian'ny New Age izay nampiasa mafy ahy taloha.

Inona ny New Age raha fintinina? Fitambaran'ny foto-pinoana rehetra, Filalaovana amin'ny fanahy, ny tanjona dia hanaovana ny olona ho Andriamanitra. Izy dia elo ialofan'ny finoana rehetra na misy tsy mitovy aminy aza ny fampianarany, ny fampianaran'I Jesosy ao amin'ny filazantsara ohatra. Misy foto-pinoana niainga tamin'ny boudisme, fanompoan-tsampy, silamo, ny sasany aza misy kristiana, toy ny fiangonan'ny volana, vavolombelon'ny Jehovah. Zanak'Andriamanitra antsoina koa hoe "siansa kristiana" sns. Misy filôzôfia samihafa ao; Confucianisme sinoa, fanandroana sy sikidy, shamans, gurus, Krishna and ireo mpandinika amim-pomba ara-tsiansa ny any amin'ny tsy taka-maso sns. Ireny rehetra ireny dia tonga vatana iray, ka ny ivony dia lainga – fanompoana an'I satana. Fanompoana an'I satana no tena ifotorany, ny herin'ny odiratsy sy famosaviana dia miainga avy ao. Saingy vitsy amin'ireo mpanara-dia ny New Age no mahalala izany tanjona izany. Izay no mahatonga Kristiana maro ho ao anatiny. Aty ivelany mantsy izy toa mitsinjo ny mahaolona sy tena tsara, ka tonga fakam-panahy ho azy ireo sady natao ho an'I Kristiana manaradia ny new age rahateo, amin'izay dia hiala ny fampianarana marin'I Jesosy Kristy izy ireo dia ho very. Anisan'izany ny Yoga, fialan'ny fanahy amin'ny vatana (projection astrale), fibatan-javatra amin-kery tsy hita na fitsingevanana (levitation), fifantohana lalina (meditation), filazana ny ho avy sy filalaovana ody. Fakampanahy avokoa izany. Mampianatra izy ireo fa tokony handefitra amin'ny finoana hafa ny Kristiana, amin'ny anaran'ny mahaolona na ny filaminan'izao tontolo izao ohatra. Ny resaka momba ny Fitiavana dia mamitaka Kristiana maro.

Nahoana ny Kristiana no tsy tokony hiditra amin'izany? Ny Tompo nandefa Ahy aty amin'ny repoblika Czech ndrao ho tonga aty koa ny new age. Olom-pirenena afaka ianao izao, saingy mety ho tratran'ny ziogan'ny didy jadona raha tsy mahalala izay nambarako.

Tsy pôlitika no nanafaka anao (avy tamin'ny kaominisma). Fa ny tanan'I Jesosy Kristy no manetsika ny pôlitika. I Jesosy Kristy Tompo mampilaza ahy fa raha toa ny firenena Czech tsy miverina ho amin'ny fitarihany, Izy ilay Andriamanitra velona, dia vao may hiditra amin'ny fanandevozana ratsy kokoa. Raha tsy mifamela ianareo, na tsy manam-po mamela heloka, dia ho tratran'io zioga vaovao io. Maro ny mpanompon'Andriamanitra hanaparitaka ny filazantsara aty amin'ny firenenareo. Fa maro koa no ho avy amin'ny New Age, ireo antsoina hoe gurus, ka raha mihaino azy ianao ka manao izay ampianariny, dia hitodidamosina ity firenena ity ny Tompo. Ny Tompo naniraka ahy, hiresaka momba izany, satria tena zava-dehibe izany raha tarafina amin'ny baiboly.

Hamafisiko indray fa hanimba ny firenenareo ny New Age, ny ratsy indrindra dia izy hanimba ny fanahinareo. Izaho manokana nahita Kristiana maro niverin-dàlana ka niala tamin'Andriamanitra velona. Maro ny fomba fanao izay ataon'ireo kristiana ireo. Yoga ohatra, indrindra fa Hatha – Yoga, izay mampianatra ny fomba fiaina sy fanatanjahan-tena. Maro ny Kristiana any amerika sy any amin'ny firenenareo no eo ambani fifehezany. Inona ny Yoga? Filalaovana momba ny fifohazana amin'ny maty. Ny tenin'Andriamanitra milaza fa maty indray mandeha ny olona dia fitsarana no atrehany avy eo (Heb. 9:27). Tsy misy fiainana hafa, tsy misy fomba hafa azo andaminana izay atao na heverintsika amin'izao fiainana izao. Ny Yoga dia niainga avy tamin'ny Hinduisme, izay fitambaram-pinoana maro, izy ireny heverina ho manala ny zioga amin'ny fiainanao, araky ny teôrian'izy ireo dia fanombohana ny “fahaterahana indray”. Noho izany, amin'ny alalan'ny Yoga isika dia manokatra lalana ho an'ny devolin'ny hinduism. Ny kristiana mora fetsena dia milaza ho tsy mino izany fiandohan'ny yoga izany sady manao hoe mahasoana ny vatana ny Hatha-Yoga. Araka izany dia mino ny laingan'I satana izy ireo. Tian'I satana ny hanaovanao karazampanatanjahan-tena toy izany, mba hanala havizanana, satria fantany fa ny kristiana toy izany tsy mahita ny any amin'ny tontolo ara-panahy. Inona ary no hitranga rehefa izany? Ny vatana sy ny aina dia hatanjahina amin'ny antsoina hoe Shiva. Io dia devolin'ny Hinduism, izay nomeny toerana. Amin'ny fanambanin'ny hazon-damosintsika misy toerana antsoiny hoe “herim-bibilava”. Rehefa manao Yoga ianao dia miondrika amin'io Shiva io, fohazinao ny “herim-bibilava” ka velominao ao amin'ny vatanao. Rehefa mitombo tsara io tanjaka io dia manomboka manao zavatra tsy vitan'olon-tsotra ianao. Tsy avy amin'Andriamanitra nefa izany; devoly no loharanony. Noho izany, tadidio mandrakariva fa misy fanahy tsy madio ao ambadik'izay ataontsika amin'ny vatana mandritry ny Yoga. Eny fa na vao manomboka aza dia efa mankany amin'ny famatorana na ekenao na tsia. Satria izy io dia fakampanahy izay tena miparitaka hatrany ampiangonana, indrindra fa any ahandrefana; Antsoina hoe “projection astrale”. Io dia fomba fanao hoenti-mampisaraka ny vatana amin'ny fanahy (na aina). Afindranao ho any amin'ny tontolo hafa antsitrano ny fanahinao. Ohatra hoe: amin'ny fotoana tany aloha na toeran-kafa. Mety foana izy io matetika, tsy fantatr'ireny olona ireny anefa fa tsy mankany amin'Andriamanitra ny fanahiny fa any amin'ny fanjakan'ny aizina. Fony izaho mpianatr'ilay mpimasy tao amin'ny New Age dia nanao toy izany. Nentina tany amin'ny tontolo hafa ny fanahiko. Fa amin'izany ianao manokatra lalana ho an'ny fanahy ratsy sy hery tsy hita maso. I satana manam-pandrika natokana hamelezana anao ety. Vao manao izany voalohany ny olona dia toa mahatsapa hasambarana izany, fahatsapana avy amin'ny tontolo be fahotana izany. Lozabe nefa no mandindona. Amin'ny voalohany ianao afa-mifehy azy fa rehefa lasa lavitra dia tonga kianja filalaovan'ny devoly ka ataony amin'izay tiany hanaovana azy. (Maro no tsy tafaverina intsony – Fanamarihana avy tamin-traikefana B. K.)

Ny Psychotherapy (**fitsaboana aretin-tsaina**) dia karazany hafa koa izay toa siantifika enti-manampy. Maro amin'ireo Psychothérapeutes (**mpitsabo**) no mampiasa ny psychotherapy no manampy ny olona hahafantatra ny antony iferotany aina na hanatsara ny fitondran-tena. Inona nefa no tena mitranga? Manokatra ny varavarana ho ao anatin'izy ka manome toerana ho an'ny asan-devoly. Anatin'izany ny fialan-tsasatra psikolojika.

Maro ny filazana ny ho avy aty amin'ny firenenareo. Fomba sy endrika maro no anaovana izany. Matetika ataon'olona manana “fanomezam-pahasoavana” manokana. Tsy avy amin'Andriamanitra nefa izany fa avy amin'I satana. Vao mampilaza ny ho avy izany ny olona dia manokatra lalana ho an'I devoly. Devoly ireny milaza ny ho avy ireny. Indraindray izy maka endrika fianakaviana efa maty, Izy mantsy miara-miaina aminy dia mahalala tsara ny antsimpiriham-piainan'nilay fianakaviana. Mazava tsara ny tenin'Andriamanitra ny amin'io lafiny io, ny tokony hizahantsika toetra foana ny fanahy na avy aminy na tsia.

Tsy misy devoly ohatra afa-milaza fa I Jesosy Kristy dia zanak'Andriamanitra velona tonga nofo. (Lev. 19:31, 20:27, Deot. 18:9-19, Isa. 8:19, I jaona 4:1-3). Fony izaho nirehitra tamin'ny New age, nisy fotoana te-hamotika ny fampianarana Kristiana, dia nandefa vondron'olona ho any amin'ireo kristiana mifoha, indrindra fa ireo fiangonana tena velona, ireo izay tena mirehitra amin'ny fitoriana. Nahoana izahay no mankany amin'ireo fiangonana mahomby ireo? Satria tsy mahomby ka tsy atahorana ireo fiangonana tsy mitory eny andalana na amin-toeran-kafa. Any amin'ny tontolo ara-panahy dia tsy misy dikany izy ireo ka tsy atahorana hitera-doza amin'ny herin-devoly. Izay no nandefasako ny ekipako ho amin'ireo mitory miohatra amin'ny fiangonana hafa. Alefako any ireo olona mody Kristiana nateraka indray vokatry ny fitoriany, nefa mpitsikilo ara-panahy. Ny mila fantatra voalohany dia ny tanjany ara-bavaka sy ny finoany na tsia ny herin'ny Fanahy Masina. Rehefa izany dia hadihadianay raha mino ny fahagagana vokatry'izany hery izany izy izay nampiasain'I Jesosy Kristy. Fa ny fanontaniana koa dia hoe: Ao ve misy olana : tsaho, ady, fifandirana? Inona no mampisaraka azy? Vao fantatray izany dia ao no amelezanay azy. Avahinay ireo mpitsikera dia anelezanay tsaho momba ny hafa mba hisian'ny korontana sy fisamatsamahana ka haharava tanteraka ilay fiangonana. Manampy anay betsaka ny fisian'ny vondron-tanora maro ao. Ireo mpitarika tanora mavitrika mihitsy no kendrenay. Vao tafiditra amin'ny tanora ny fampianaran-diso ka mikomy amin'ny zokiolona izy ireo dia efa akaiky izay ny faharavan'ilay'fiangonana. Izany rehetra izany dia fahalemen'ny fototra nanorenana ilay fiangonana. Toy izany no fomba namotehanay fiangonana maro. Fiangonana 300 no ravanay nandritry ny nitarihako io fiangonana io. Ny sasany tamin'ireo matanjaka tokoa tamin'io toerana io.

Tonga aty aho hampibaribary aminareo izany, hilaza fa hiaraka aminareo izy ireo, mody ho naman'ireo fiangonana velona. Tapitra ny fotoana ho an'izao tontolo izao. Ho avy Jesosy Kristy na mino ianao na tsia. Fahagagana maro tsy mbola nisy hatrizay no aseho amin'ny heriny ankehitriny. Araka ny baiboly dia ho levona izao rehetra izao fa hisolo vaovao. Mitranga izany fa efa tena antomotra ny fotoana.

Talohan'ny nandraisako an'I Jesosy Kristy aho niasa tamin'ny sampan momba ny New Age ao amin'ny firenena mikambana. Ny tanjonay tamin'izany dia hampanaraka ny olo-manerantany foto-pinoana iray, New Age. Tsy ho fampianarana iray fotsiny izany. Fomba sy endrika maro no hisehoany amin'ny voalohany. Dia ho avy amin'izay ny mpaminany sandoka hilaza fa ho iray ihany ny foto-pinoana rehetra. Izay no drafitry ny New Age. Maro no karazam-

pampianarana New age efa narahiko fa lazaiko aminareo fa tsy misy azo ampitahaina amin'ny fampianarana sy ny fiainan'I Jesosy Kristy Tompo. Maro no hiverin-dalana na efa nandray an'I Jesosy aza satria izy ireo tsy nandray Azy ho Tompo sy mpamonjy azy manokana. Nandray famonjena izy saingy tsy nanaraka ny lalan-terin'ny fankatoavana Azy. Amin'ny olona toy izany dia iezahanay manokana ny hampiala azy ao am-piangonana. Mora ny mahita olona toy izany amin'ireo fiangonana tsy mitory. Avoakanay izy tsy handre intsony ny fampianaran'ny fiangonana dia ampidirinay tsikelikely aminy ny New Age. Ahoana no mampahomby izany? Ny fiangonana tsy mivelona amin'ny herin'ny Fanahy Masina sy tsy mirehitra amin'ny fitoriana dia malemy sy tsy ampy sakafo-mpanahy. Ny olom-baovao dia maniry hiaina traikefa hafa, noana zava-panahy izy ireo, fa tsy ampy ny mandray an'I Jesosy nefa tsy iasan'ny Fanahy Masina. Izay no tsy maintsy amahanana ny ondry vaovao amin'ny tenin'Andriamanitra amin'ny herin'ny Fanahy Masina, raha tsy izany maintsy dia hitady any an-kafa izy. Tsy mahomby ny fiangonana ka mora amin'izy ireo no miala ao.

Atoronay fombam-pimasy maro izy ireo, fampiasàna latabatra na boule de cristale. Avy eo ampianarinay manao fifantohana lalina (meditation) amin-pomba samihafa. Ny fifantohana atao amin'ny New Age dia tsy mifanaraka amin'ny sitrapon'Andriamanitra. Ny soratra masina mampianatra antsika handinika sy hifantoka amin'ny soratra masina. (Sal. 1:2, Fil. 4:8, I Tim. 4:15, sal. 119:11, 15 167 sns.) Ny fifantohana lalina amin'ny New Age dia miezaka mankany amin'ny habakabaka sy manafonana ny saina. Amin'izany ianao dia manokatra ny fonao ho an'I devoly sy ny fanahy tsy madio. Andriamanitra Tompo nilaza ny tokony handiniana ny soratra masina, hamenoana ny saina amin'ny teniny. Satria raha "foananao ny sainao" araky ny fomba New Age, tsy maintsy hisy hafa hameno azy. Tsy mety fomandritry ny fotoana maharitra maintsy ny saina. Fanahy hafa no hameno azy. Izay no tsy maintsy andiniansika sy amokisansika ny saintsika amin'ny tenin'Andriamanitra, indrindra fa ho an'ireo ondry vao voavonjy. Raha tsy izany maintsy dia hiverin-dàlana izy. (I petera 2:2)

Anisan'izay atoronay ireo kristiana osa sy miroa saina koa ny karazana levitation (fiaingan'olona na zavatra); miainga ho azy toy ny misy mibata ny olona na zavatra nefa tsy misy olona mikasika, ao koa ny miova endrika. Fampisehoana izany, fa ny hevitra ambadika dia hitarika ny kristiana ho amin'ny hanalavitra an'Andriamanitra, indrindra rehefa tsy miseho ao am-piangonana ny famantarana sy fahagagana. Dia mambabo olona tokoa ny New Age amin'izany. Ohatra hoe: misavoana ho azy ny seza, na misy olona mitsingevana, Sotro rovitra miforitra ho azy sns. Fantatrao angamba ny tantaran'ny pendulum sns. Manontany tena angamba ianao ny fomba hanaovana izany. Izao no fandehany: Rehefa miainga ohatra ny seza iray, dia bataina fanahy tsy hita maso. Ireo fanahy ireo koa no mamoritra ny sotro sy ny sotro rovitra, ary manetsika zavatra. Rehefa tafiditra tamin'ny lenta faratampony aho dia nisy fanahy nitondra ahy tamin-toeran-tsamihafa. Ilay mpamianatra ahy nampanjavona ahy, ka nampahita ahy ny any ain'ny tontolon-devoly ka nanoro ahy ny fisehon'ireny levitation ireny any amin'ny tontolo tsy hita sy ny fisehony ety amin'ny tontolo hita. Ny fikitihana ny sain'ny hafa, ny fanerena an-tsaina hanao ny sitraponao, ny famakiana izay any an-tsain'olona, ny fanaovan-javatra tsy hita ao amin'ny mikaton-trano dia avy amin'ny devoly matetika. Ny devoly mihaino izay lazaina na soratan'ilay olona, avy eo mampita izany amin'ilay tian-kanao azy. Toy izany no fomba amindràna sy ampitàna eritreritra. Izany dia asan'ny fanahy tsy hita izay mamitaka ny olona araky ny sitrapon'I satana, baiko miainga mivantana avy any amin'ny helo.

Ny hetsika ara-panahy tian'Andriamanitra hataontsika dia amin'ny alalan'I Jesosy Kristy irery ihany. Hatramin'ny voalohany I satana no efa niezaka namely antsika tsy hijery an'I Jesosy fa hijery azy sy ny asany kosa. Amin'ny alalan'ny levitation sy ny toy izany no tiany hifantohantsika aminy, handokafana azy ho afa-manao ireny. Zava-dehibe noho izany ho an'ny vao nateraka indray sy ny efa kristiana ela ny mamoky ny fanahiny amin'ny tenin'Andriamanitra ka afa-mampiasa izany amin'izay zava-mitranga rehetra.

Fony izaho mpikambana tamin'ny vondrona mpanohitra kristiana antsoina hoe New Age, ny mpiara-niasa tamiko akaiky dia ireo fiangonana tsy manana ny Fanahy Masina. Fiangonana maty tsy isehoam-pamantarana sy fahagagana na asan'ny Fanahy Masina hafa, manakana ny asamaheriny, manokatra ny varavarany amin'ny fampianarana hafa, ka mampiditra fanahy hafa. Ireo nanana ny herin'ny Fanahy Masina no tsy namela ny ekipako hankao aminy. Izy ireo ihany no afa-nandresy sy nahalala ny hafetsenay. Vao tsy manomboka akory izahay dia efa tratra.

Ny fomba atao manaraka dia fampifangaroana ny tenin'Andriamanitra amin'ny filôzôfian' izao tontolo izao toy ny Buddhism, Hinduism, sy ny abidiam-pampianarana tantsinanana moderina. Ireny finoana tantsinanana ireny dia mitovitovy amin'ny tenin'Andriamanitra. Amin'ny alalan'izany no iparitahan'ny New Age any amin'ny fiangonana tandrefana. Atoron'ny Tompo izany: Aza zimbazimbaina sy lotoina amin'ny fampianaran'izao tontolo izao ny fitoerako masina. Ireo fiôzofia rehetra tonga aty amin'ny firenenareo dia izy daholo. Ambava loza izao ny repoblika Czech. Loza vokatry ny fanafihan'ny fanahy new age.

Tany amerika tamin'ny taona 60, nandritry ny ady tany Vietnam dia nisokatra tamin'ireny finoana tantsinanana ireny. Amin'ny alalan'izany no idiran'ny New Age ao amin'ny governemanta, ao amin'ny antenimiera, fitsaràna, fampianarana sy kolontsaina. Tampoka tamin'ny fiangonana maro izany ka tsy nahavita niady izy ireo. Izy ireo nanomboka nanafoana lalàna dia nampiditra vaovao. Ny tanjony dia hanohitra kristiana sy ny fombany. Ankehitriny izahay tsy mahazo intsony mitory filazantsara any antsekoly, tsy toy ny aty amin'ny firenenareo. Tsy mifanaraka amin'ny lalàna velona any amerika ny fanazavàna baiboly any antsekoly – afa-tsy ny sekolim-piangonana. Amin'ny faritra sasany any, tsy azo atao ny mitory eny an-dalana. Fanompoan-tsampy, New Age no aindraindra amin-tsekoly sy haino aman-jery maro. Ahoana no nahatonga izany? Nisy fotoana notahianabe Amerika. Nantsoina tamin'izany hoe: “rain'ny fivahinianana masina” – mpanorina an'I Amerika – dia nanorina ny lalàny tamin'ny alalan'ny baiboly, ka na ny tsy mino aza nanaja. Tamin'izany, Andriamanitra iray ihany no notompoina – dia I Jesosy Kristy. Kinanjo taty aoriana, niala taminy dia nampivoitra ny fampianaran'ny New Age. Ireo razanay namorona ny lalàna dia nohitsahin'ireo olon'ny New Age. Nanomboka nanatona mpanandro sy mpimasy. Izay lazain'ny mpanandro no narahiny. Nisy aza ny niaiky ampahibemaso ho mpikambana amin'ny New Age. Dia nitodi-damosina ny firenenay ny Tompo Andriamanitra. Ankehitriny, mafy ny ezaka ataon'ny fiangonana sy vondrom-panompoana hamerenana ny lanjany tamin'izany. Mivavaka aho tsy ho tonga aty Czech izany. Mbola lavitra ny lalanareo vao ho tonga amin'ny demokrasia marina. Ny tiako hambara dia ny lafiny ara-tsosialy sy toekarena tsy mbola mandroso be. Fa izany rehetra izany hovoavaha avokoa raha mifikitra amin'I Jesosy Kristy ianareo. Ario avokoa ny fampianarana New Age ndrao ho tonga homamiadana amin'ny firenenareo. Aza manao ny fahadisoana nataon'ny fireneko izay nanao lalàna manaiky ny New Age. Novaina ny lalana milaza fa iray ihany ny Andriamanitra tokony

hotompoina. Natao fa marina avokoa ny finoana rehetra. Izany fandefarana sandoka izany dia manokatra ny lalana ho amin'ny fanompoan-tsampy sy ny New Age.

Telo herinandro izay no efa teto aho, ary hitako fa manomboka tonga sy miparitaka aty ny New Age. Amin'ny faritra avaratr'I Prague, efa nahitako mihitsy. Raha avelanareo hampianarina aty izany dia ho rava loha ny firenenareo vao haorina indray (Fanamarihana: Efa omena alalana izy ireo ankehitriny. Ny Repoblika Czech dia tondraka fanompoan-tsampy, Satanisme, Foto-pinoana tantsinana sns). Raha mbola niasa tao amin'ny vondrona New Age ao amin'ny firenena mikambana aho dia nanampy tamin'ny famolavolàna teboka 13, fitsipika mifehy amin'ny New Age. Izy io dia nataoko ato amin'ity fijoroan-ko vavolombelona ity ka diniho. Io fitsipika misy teboka 13 io no fototra enti-mampanoa ny New Age maneran-tany. Miezaka manatanteraka ireo teboka 13 ireo ny olon'ny New Age mandra-pahatongan'ny taona 2000. Izany no ikendreny ireo vondrona sy mpanao pôlitika matanjaka. Teboka iray amin'izany ny tsy maintsy handraisan'ny kristiana rehetra ny New Age, raha tsy izany dia hovitaina ny aminy. Izao izy ireo miresaka fandringanana tanteraka. Disobe ianao raha mihevitra fa tsy andalam-panatanterahana izany drafitra izany. Izaho niasa tamin'izany ary nahita maso ny fomba hanatanterahana azy. Nilaza aho raha niresaka tamina rahalahy iray fa nanafatra 100 000 guillotines (**fitavonana fanampahan-doha**) ny vondrona New age ao amin'ny firenena mikambana, hoenti-mamono ireo kristiana mihizingizina. Amin'ny firenena hafa koa misy fanomanana fatratra toy izany. Tsy nofinofy izany fa ny tena vaovao marina no ambarako aminareo. Anteriko indray fa teo mihitsy aho tamin'ny fandrafetana izany. Ny vondron'ny firenena mikambana no ivon'ny fanatanterahana azy io.

Fa ny zava-misy hafa dia I Jesosy Kristy hiverina haka ny fofombadiny, izy ireo izay tsy mila misy loto na pentina (Ef. 5:27).

Tsy ampy ny mandray an'I Jesosy ho Tompo sy mpamonjy anao manokana, ianao tsy maintsy miova fo ka manaiky ho eo ambany fitarihany, ka tonga olo-mbaovao tanteraka. Rehefa izany mantsy dia afa-mifanehitra amin'ny mpaminany sandoka sy ny fampianaran-diso ianao. Izahay manana olona maro maneran-tany miezaka mamotika ny foto-pianarana New age, eny fa na hiantra aman'aina aza, ary fantatro fa maro koa eto amin'ny Repoblika Czech no manao toy izany. Manontany tena angamba ianao hoe: "Fomba ahoana no tsy hanaovako izany amina rotaka na fikomiana? Ahoana no hahatafidirako amin'izany ady ara-panahy izany?" Izaho tsy miresaka fandatsahan-drà na ady ety amin'izao tontolo izao, fa aoka isika hampiasa ny fiadiana nomen'I Jesosy antsika. Izao no fototry ny ady ara-panahy:

1) Ny voalohany dia mila atao batisan'ny Fanahy Masina, raha tsy manana ny Fanahy ianao tsy hahay mampiasa ireo fiadiana ireo.

2) Ny fiadiana mahomby sy mahery indrindra hanoherana ny New Age sy ny fampianaran-diso rehetra dia fitoriana matanjaka amin'ny firenena rehetra momba an'I Jesosy Kristy miresaka mamoa amin'ny fiaraham-monina misy anao. Ho avy tsy ho ela I Jesosy Tompo (**Apok. 22:20**) mivavaka aho mba tsy ho hitany kamo ianao amin'ny fiaviany, fa mba ho hitany amin'ireo mitory Azy. Ianao tsy maintsy mampiana-tena sy mampianatra ny hafa ho fisorohana. Tsy maintsy mitory filazantsara eo ambany fitarihan'ny Fanahy Masina ianao, mba tsy hisaratsaraka indray ny vondrona misy anao, mba tsy hisy hangalatra ny ondrinao. Ianareo tanora no antoky ny ho avy. Ianareo sy ny taranaka ho avy no tsy maintsy mampijanona azy io. Raha tsy izany mantsy dia ho ratsy ny fandehany. Aoka tsy havelanao

hosakanana ny mpitory filazantsara any amin'ny firenenao. Ampianaro ny ankizy fa tena miasa Jesosy Kristy ary eto amintsika. Ianao tsy maintsy manana fijoroan-ko vavolombelona vaovao foana momba ny fifandraisanao amin'I Jesosy.

Nandehandeha nandritry ny alina aho teny an-dalan'I Prague sy I Bruno, zava-doza no hitako tany. Zatovo mipetraka eny an-dalana mamo; mihaino mozika rock manasa atidoha azy ireo. Tanora mpivaro-tena maro. Ireo no hoavinareo. Midina faingana toy ny tany mihotsaka izy ireo, manatona ny faharavàna. Ry mpanabe, mpamianatra, ray aman-dreny na izay afa-miteny ireny ankizy ireny, ampianaro ny filazantsaran'I Jesosy Kristy izy fa izany no hany fanantenany sy anao koa mba tsy ho lavo ao amin'ny new age ianao. Araka ny efa nambarako, ny olon'I satana sy ny New Age dia mifantoka manokana amin'ny tanora. Jerenay ny fitondran-tenan'izy ireo ao ampiangonana. Ny tanora no antoky ny fiaraha-monina. Izy no hoavin'ny firenena.

Indrisy fa efa any amin'ny tanora ao am-piangonana ny New Age. Fa koa any amin'ny rantsa-mangaikam-piarahamonina samihafa. Any amin'ny fitsaboana koa toy ny fampianarana holistic, izay mampianarra fa feno sy tongalafatra ny olona. Izy avokoa no ao ambadik'ireny fitsaboan-tsamihafa ireny. Ny mpitsabo saina dia manao ny visualization sy faminavinana, hery ho enti-mamantatra ny hoavy no fohazina ao amin'ilay olona. Ny olona nianatra manokana an'io izany miezaka mampiditra ao anatinao fisaintsainana, tiany hohitanao mazava tsara izany ka hoentiny amin'izay tiany ianao. Izany dia fomba entin'I satana hialanao amin'ny lalan'Andriamanitra. (Fanamarihan'ny mpandika teny: Izany visualization izany dia efa ampianarina any ampiangonana, lazaina hofahamarinan'ny baiboly. I Dave Hunt ao amin'ny bokiny antsoina hoe "Seduction of Christianity" milaza ny niandohany sy zava-marò hafa manaitra.)

Amin'ireo fitsaboana hafa miparitaka amin'ny firenen-tsamihafa toy ny acupuncture sy ny acupressure. Niresaka tamina dokotera sy kristiana manao azy io aho. Dia nomeny adiresin'orinasa tany California, manao azy io ho an'izao tontolo izao. Nambaran'io orinasa io fa ny fanjaitra rehetra dia avy amin-toerana iray ka aparitaka maneran-tany. Nanontaniako raha avy amin-bondrona izy io dia nohamafisin'izy ireo izany. Tiako hofantarina koa ny loharanon'ireo fanjaitra ampiasaina. Afa-manome tahirin-kevitra anareo aho ho porofo fa mpisorona Buddhist iray ihany no loharanony. Orinasa lehibe no anamboarana azy dia entina any amin'ny mpisorona buddhist hotsofin-drano, amin'izany no anaparahany maneran-tany ny ozona. Manomboka any amin'ny fanamboarana azy ka mandra-pametahana azy amin'olona dia manaraka azy foana ny vavaky ny mpisorona buddhist. Misy fanahy hafa ao ambadik'ireny fanjairra ireny mitondra angovo hafa. Mampalefaka vetivety ny fanaintainana izy fa misy fiantraikany ratsy kosa amin'ny ara-panahy. Izany no mampihena ny fahagagana amin'ny fivorian'ny Kristiana. Devoly mitondra foto-pianarana tantsinana no ao ambadiny. Mamitaka olona indray I satana ka amin'ny siansa no anaovany azy. Krisatiana maro no miankin-doha amin'ny fitsaboana toy izany raha tokony hanatona hositrinan'I Jesosy. Izy no izy tsy miova. Fantatro izany raha teo ambavahaona aho vokatry ny homamiadan'ny taovampisefoana. Efa hipaka amin'ny fahafatesana mihitsy aho no niantso an'I Jesosy, dia tonga tao amin'ny fiainako izy ka nanasitrana ahy. I Jesosy Kristy dia ampy. Faly aho fa ny minisitry ny fampianarana aty amin'ny firenenareo manao fanamby sy manentana ny ankizy sy ny tanora hamay baiboly. Nivory tamin'ny mpitantana ny sekoly izahay, dia niresaka tamina mpiasa ambony tao momba ny New Age. Izany dia nahatonga fiaraha-miasa.

Czech dia manana herijika ngezabe, ary mivavaka aho mba hohararaotiny izany, mivavaka koa aho tsy hanaovan'ny New Age ny asaratsiny eto amin'ny firenenareo. Miavaka aho ho anareo mba hanangana ny hoavinareo ao amin'I Kristy. Ianreo anie ho afa-misedra ny teritery sy fampitahorana amin'izao andro izao izay atao amin'ny firenen-drehetra sy ny kristiana. New Age io loza mitatao io. Vakio ny [apôkalypsy 21:7-8](#). Eny, efa eto sahady io lainga io. Ody ratsy mamono ny New Age manontolo. Izay misy ifandraisany amin'ny maizina – ny finoan'izy ireo dia hampiditra an'I Losifera antsehatra. Izay no anjara miandry azy ireo. Tsy hankahala azy ireo akory no antom-pisiansika, fa kosa hankahala izany lainga sy fitaka izany. Manoloana izany lalan-diso nianjeran'izy ireo izany, ndeha hatao ny iraka lehibe nampanaovin'I Jesosy antsika, hanao ho mpianatra ny firenen-drehetra. Misaotra

Ndeha hofehezintsika amin'ny vavaka :

Ry Ray malala izay any an-Danitra. Mangataka aho ho an'I repoblika Czech. Ray Malala any an-Danitra ô! Mangataka aho ho an'ny olona eto amin'ny repoblika Czech. Enga anie homenao ity firenena ity ny fahendrenao, ny fitarihana sy ny herinao avy any ambony, amin'ny anaran'I Jesosy Kristy zanakao. Mba vonjeo ny repoblika Czech. Misaotra. Amen.

Tanjon'ny New Age - Drafitra misy teboka 13-

Teboka 1) Ny tanjon'ity drafitra ity dia hametraka ny Fitsipika vaovao maneran-tany (nouvelle ordre mondiale), Fotom-pampianarana New Age, Fandaharanasa sosialy sy politika iray arahina maneran-tany.

Teboka 2) Ny New Age izay harahina maneran-tany dia hovelomina amin'ny fanasongadinana ny fanompoan-tsampin'ny Babylon, amin'izany dia hiroborobo ny sekta momba ny tontolo tsy hita, fanaovana ody ratsy, Fanompoan-tsampy sy tsy fananana môtaly.

Teboka 3) Hotanteraka ny drafitra rehefa ny mesian'ny New Age, antikristy izay tompon'ny isa 666 no tonga nofo ka mitarika ny olon-drehetra izay mivondrona ao amin'ny New Age ka mitandrana izany.

Teboka 4) Ny fitaizana amin'ny New Age dia hanampy ireo mpitarika ara-panahy (devoly) hanomana ny lalan'ny antikristy. Io lehilahy io, andriamanitry ny New Age, dia hodokafan'ny olona maneran-tany ho mpampianatra mahay tokoa.

Teboka 5) Ny filamatry ny foto-pinoana maneran-tany New Age dia: “Filaminana maneran-tany!” “fitiavana!” ary “Firaisana!”

Teboka 6) Ny fampianarana New Age dia haely amin'ny vazan-tany efatra.

Teboka 7) Ny mpitarika sy mpino ny New Age dia hanaparitraka zava-diso manao hoe: I Jesosy sady tsy Andriamanitra no tsy Kristy.

Teboka 8) Ny finoana kristiana sy ny hafa rehetra dia havondrona ho anisan'ny finoana New Age arahina maneran-tany.

Teboka 9) Ny fampianarana fototry ny Kristiana dia hatao mampisalasala sy havela.

Teboka 10) Hobaboina ara-panahy ny ankizy ka hampianarina any an-tsekoly ny New Age.

Teboka 11) Ny mpanaiky be fahatany hamitaka izao tontolo izao ka hilaza fa ny olona no Andriamanitra.

Teboka 12) Hatambatra ny siansa sy ny New Age.

Teboka 13) Izay Kristiana mandà ny New Age dia hatao amin'ny fanaovana azy. Raha ilaina dia haripaka izy ireo ka “hadio mangatsakatsaka” izao tontolo izao.

Izaho nisafidy fampianarana 3 ngeza maneran-tany hahalalanao tsara ny foto-pianarana New Age– Kristiana, naturalism (atheism, humanism) sy ny New Age. Ireto avy izy ireo:

FAMPIANARANA KRISTIANA

- 1) Andriamanitra: Mahalala ny rehetra, tsitoha, mpamorona ny olona sy izao tontolo izao.
- 2) Olona: Noforonin'Andriamanitra araka ny endriny. Mandà ny tenany fa manome voninahitra ny mpamorona azy.
- 3) Izay inoany ho marina: Mafy orina, tonga lafatra, tsy azo ovaina, azo fantarina (azo atao ny manavaka ny tsara sy ny ratsy).
- 4) Fitsipika sy torolalana arahin'ny olona: Tenin'Andriamanitra mpamorona izay niavian'ny zava-drehetra. “*Jehovah ô, fantaro fa tsy an'ny olombelona ny lalan-kalehany, na an'ny mpandeha ny hahalavorary ny diany.*” ([Jer. 10:23](#))
- 5) Kristy: Jesosy, Lahimatoan'Andriamanitra, Mpamonjy sy Tompontsika.
- 6) Olan'ny olona: Vokatry ny ota: Noho ny tsy fanarahana an'Andriamanitra.
Vahaolana: Finoana sy fankatoavana an'Andriamanitra – Jesosy Kristy.
- 7) Ankohonana: Nataon'Andriamanitra ary fehezin'ny fenitra ara-moraly. Amin'izany ny fanambadiana dia arovana miaraka amin'ny zaza.
- 8) Fahafatesana: Fidirana amin'ny tontolo hafa, izay iainan'ny fanahy mandrakizay any an-Danitra na any amin'ny helo.
- 9) Tanjona: Hampianatra ny olon-drehetra momba an'Andriamanitra sy Jesosy Kristy mba hampisy fiainana be dia be manomboka izao ka ho mandrakizay.

Fehiny: Tamin'ny voalohany, Andriamanitra nahary ny olona araka ny endriny. Amin'ny fotoana voatondro dia maty ny olona iray, ary tsaraina aorian'iy. ([Heb. 9:27](#))

NATURALISME (ATHEISME, HUMANISME)

- 1) Tsy misy mpamorona izany; Ny Andriamanitra dia foronin'ny sain'olombelona tsy mivoatra sy manidintsidina ary minomino foana.
- 2) Olona: Niforona sy nivoatra kisendrasendra vokatry ny natiora. Mandà ny mpamorona, manindraindra ny tena.
- 3) Izay heveriny ho marina: Samy manana ny mariny, miovaova foana izany. Ny tsirairay no manapa-kevitra amin'izay heveriny ho “Fahamarinana”. “Ataovy izay tianao hatao”.
- 4) Fitsipika sy torolalana arahin'ny olona : Tsy misy fahefana hafa, Ny fahalalana sy siansa no mifehy ny olona. “Mieritreritra aho. Mahatsapa. Dia milamina”. Torohay arakaraky ny zava-misy.
- 5) Kristy: Mpampianatra, mpandala ny hay foto-pahavanonana saingy tsy Andriamanitra.
- 6) Olan'ny olona: Vokatry ny tsy fahampian'ny fahalalàny sy finoanoam-poana (fombam-pivavahana).
Vahaolana: Fahaizana, fianarana, Fahafantarana, Siansa sy haitao.
- 7) Ankohonana: Vondron'olona miara-miaina, malalaka amin'izay fitsipika harahiny.
- 8) Fahafatesana: Fiafaran'ny olombelona, Tsy misy Lanitra na Helo.
- 9) Tanjona: Mamorona fiaraha-monina nofinofy amin'ny alalan'ny governemanta maneran-tany.

Fehiny: Tsara ny fampiasana ny fahaizana amam-pahalalan'ny olona. siansa. Noforonin'ny saina tsy mandroso izany Andriamanitra izany; ny olo-misaina dia mahalala fa tsy misy andriamanitra.

NEW AGE

- 1) Andriamanitra: itovizan'ny “zava-boahary rehetra”. Ny olon-drehetra sy ny zava-drehetra no atao hoe Andriamanitra (pantheism, monism).
- 2) Olona: Efa mivoatrabe ara-batana, andalam-pivoarana ara-panahy, Izy dia ao amin'ny rehetra. Mandà ny mpamorona, manindraindra ny tenany.
- 3) Izay inoany ho marina: Fanambarana avy amin'ny tenany na avy amina “mpitarika ara-panahy”. Avy amin'olona ho an'olona.

4) Fitsipika sy torolalana arahin'ny olona: Siansa sy foto-pianarana milaza an'“Andriamanitra ao anatin'ny olona”. Fototra enti-manapakevitra: Fitiava-namana, Firaisan-kinan'izao tontolo izao.

5) Kristy: Iray amin'ireo maro nahavita nandrosobe ara-panahy.

6) Olan'ny olona: Vokatry ny fialàna amin'ny mahaizy ny tena, fifampiandania sy fisarahana amin'ny zavaboahary.

Vahaolana: Fahatongavan-tsaina mba hiray hina amin' “Andriamanitra ao am-pon'ny olona”.

7) Ankohonana: Mialohan'ny hahaterahana indray ety an-tany rehefa avy maty dia mifidy ankohonana ny fanahy tsirairay mba hitohy foana ny rohim-pihavanana.

8) Fahafatesana: Fiofoana ho olom-baovao teraka indray ety an-tany.

9) Tanjona: Hamorona fiarahamonina idealy amin'ny foto-pinoana iray sy governemanta iray maneran-tany. Governemanta: Mivondrona ny olon-drehetra.

Fehiny: Andriamanitra tena velona, Satria ahy Andriamanitra, ary izy ho velona foana amin'ireo olona maro hifandimby (Fifangaroan'ny transpersonal psychiatry, mysticism tantsinanana sy fanompoan-tsampy).

Translate by [Hery RASOLOFOARINIVO](#)